Tsy maintsy nisy fiovana ny fomba amam-panaon'ny mponin'ny Nosy Boraha noho ny tantara niainany nefa azo ambara hoe ao no voatahiry ny fotopototry ny fomba malagasy. Maro amin'ireny fomba amam-panao iombonan'ny *Antenôsy* ireny no mandray anjara amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fitrandrahana maharitra ny zavaboary.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Didin-drazaN	Karazana hafatra napetraky ny razana, mametra indrindra ny karazam-pady (fady tsotra, fadin-drazaN, raha sandraN).	Prescription des ancêtres concernant « les communs » et notamment les interdits.	Lilin-draza (fiteny tatsimo)
Dinabe	Fifanarahana ifamatoran'ny Antenôsy . Ny famolavolana ny dinaben'i Sainte-Marie dia niainga teny ifotony ka ny fokonolona isam-pokontany no nanangana azy, avy eo dia noentina teo amin'ny boriborintany (arrondissement) niarahan'ny ny fokontany rehetra ao anaty vakim-pileovana ny fandravonana azy.	Grande convention. Les Antenôsy ont un dinabe écrit sur lequel se fondent les contrats sociaux locaux et la gestion des défis communs, comme la préservation des ressources terrestres et marines. Sa conception est du type <i>down-top</i> , c'est-à-dire qu'elle est d'abord l'œuvre des habitants de chaque village (<i>fokonolona</i>). La synthèse à laquelle ont pris part tous les villages (<i>fokontany</i>) a été élaborée au niveau de la sous-préfecture (<i>vakim-pileovana</i>).	
Fady sy voninahitry	Fifanajana am-piarahamonina marihina amin'ny fihetsika sy ny teny atao.	Signe de politesse, de considération et d'obéissance.	
Fafin-drazaN	Fitahiana avy amin'ny razana. Mba hahazoana izany dia atao ny vono omby. Atao mialoha ny asa na fomba manan-danja izany ary ny tsy fanatanterahana azy dia mety hahatonga loza. Vono omby, fomba atao mba hangatahana famelana amin'ny razana voazimbazimba noho ny antony maro samihafa.	Littéralement : bénédiction des ancêtres qui s'obtient par un rituel de restauration du respect qui leur est dû, en l'occurrence par l'égorgement de zébu. Ce rituel est exécuté avant une entreprise importante, et l'ignorer fait encourir des risques mortels. Rituel de demande de pardon aux ancêtres avec égorgement de zébu.	Tso-dranon-drazana
FaNahy	Foibe tsy azo tsapain-tanana ao amin'ny olombelona iaingan'ny fisainany sy mahatonga azy hanana fitondran-tena tsara sy mendrika. .../...	Partie abstraite de l'Homme, siège de l'esprit, du souci, de l'anxiété, qui amène l'humain à prendre soin des autres et à avoir des préoccupations réfléchies. .../...	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
FaNahy (suite)	« Malaka faNahin'olo maveny » : manao toa ny olon-dehibe tompon'andraikitra.	« <i>Malaka faNahin'olo maveny</i> » (littéralement, « prendre un <i>faNahy</i> de notable ») signifie évoluer en adulte responsable.	
Fanajana ny fomban-drazana	Fanatontosana ny fanao na fanajana ny fady nenti-paharazana.	Respect des traditions ancestrales, observation des prescriptions des ancêtres. C'est un comportement commun aux malgaches.	
FaNokoaraN, vao traNo (faNamezaN traNo vao)	Fanavaozana ny fasana hasiana ny razana maina (5 taona aorian'ny nandevenana eo ho eo). Mimalo ny fianakaviana alohan'ny hanaovana izany. Aorian'izany faNokoaraN, izany, azo atao tsara ny mangataka fitahiana; tsy mbola antenaina hitahy izany ny faty lena.	Exhumation d'un mort et renouvellement de son tombeau (environ cinq ans après l'enterrement). Remplacement du bois par un matériau plus solide comme le ciment. L'événement est toujours précédé de palabres dans la famille. Des prières peuvent être adressées à l'ancêtre concerné après cette cérémonie et jamais avant.	Famadihana
FifônaN	Fankasitrahana fanao amin'ny fokonolona izay nahavita adidy mandritra ny asan-drazana toy ny ôkatra haraN, vono aomby.	Remerciements adressés à la population après des cérémonies ancestrales, comme l'exhumation.	
Fihavanana	Fifandraisana am-piarahamonina mifamatotra amina fianahana na fiaviana iraisana na ampanahafina izany.	Formé à partir de <i>havana</i> (parent), ce mot est généralement traduit par « parenté ». Il se réfère en réalité, dans la communauté parentale, à une manière spécifique de penser et de vivre les relations interpersonnelles. C'est un concept pan-malgache.	
FimbôNaN	Fomba fanatanterahana asa iarahan'ny rehetra.	Entraide, coopération. Mode d'action communautaire garantissant que l'action puisse être commune à l'ensemble des membres.	Firaisana, fitambaram-be

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Fombafomba	Fitambaran-draha atao amin'ny fanatanterahana zavatra ao anivon'ny fiarahamonina.	Ensemble de rituels ou de procédures à suivre.	
Kabaro	Fivoriam-pokonolona atao hikabariana izay olona nandika ny fepetram-piarahamonina. Kabary avy hatrany dia anasaziana (fa tsy tahaka ny malo).	Rassemblement social (populaire) durant lequel une sanction sera prise à l'endroit d'une ou de plusieurs personnes ayant enfreint les règlements de la société.	Fitsarana
Kabary	Lahateny fandaminana atao mandritra ny raharaha lehibe na mandritra ny lanonam-panjakana.	Discours solennel ou officiel. Concept commun aux malgaches.	
Kapa, kiraro	Fitafy aro faladia fady amin'ny toerana sasany heverina fa masina.	Sandales, chaussures. Il est interdit de les porter dans certains sites sacrés. Toucher la terre avec les pieds équivaldrait à laisser les esprits qui s'y trouvent agir directement, sans intermédiaire.	
Kilaôla	Halatra ny fanatitra napetrak'olona eny am-pasana.	Vol d'offrandes dans les lieux de sépulture.	
Kopin-drazaN	Fitaovana fanaovana jorom-pianakaviana.	Coupe ancestrale. Chaque grande famille possède une coupe, un bol dont elle se sert pour le jôro familial.	
Lamba tsy vaky	Akanjo tsy misy vaky fa ajoloka fotsiny. Fady amin'ny toerana masina sasany.	Vêtement d'un seul tenant à enfiler par la tête dont le port est interdit dans certains lieux sacrés.	Akanjo tsy vaky
Lambamena	Fitaiana miloko mena, loko fady amina toerana masina sasany.	Vêtement de couleur rouge et dont le port est interdit dans certains lieux sacrés.	Fitaiana menamena
Makabon	Mirenireny tsy miasa.	Vagabonder.	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Malo (mimalo, maloan)	Kabary (mikabary, kabarina) Fiaraha-midinika momba ny raharaha iray mampisy olona amin'ny fiaraha-monina. Raha misy olona manao fihetsika na toetra tsy mendrika dia maloan aloha ka raha tsy miova dia kabaroan. Kabary misy fifanakalozan-kevitra.	Rassemblement des membres de la communauté sur convocation d'un (ou des) lôhajôro pour se concerter afin de traiter les affaires communes ou d'auditionner des fautifs ou des accusés. Sorte de conseil populaire durant lequel l'accusé peut être auditionné et a le droit de s'exprimer et de se défendre en donnant sa version des faits.	Fifandaharana
MaNala tsikafara	Manao fomba raha nangata-pahasoavana amin'ny hery tsy hita ka nahazo.	Accomplir un sacrifice en accomplissement d'un vœu, afin d'être libre de toute obligation.	Manala voady (mo)
MaNamia fady	Maneho fanajana.	Témoigner du respect envers les personnes avec qui on traite.	
MaNano tambirô	Mahandro sakafo iraisana izay hena omby tetehina madinika miaraka amin'ny hodiny ary tsy misy fangarony.	Faire cuire de la viande de zébu découpée avec la peau et sans ajout pour un repas collectif, notamment lors du tambirô .	
MaNavia	Tsy mahakinga, tsy fanao ka mampitavozavoza. Ilazana fihetsika tsy mahavantana saingy mety voatery atao amin'ny fotoana sasany. Ohatra : <i>MaNavia andreo miteny ratsy olona</i> .	Objet de maladresse, qui fait ressentir de la lourdeur ou de la gêne.	
Mandro barisa	Fomba fandroana angatahana famelan-keloka sy fitahiana amin'ny razana.	Rituel de purification et de demande de bénédiction aux ancêtres.	
Mankasitraka	Mizara toaka ho fisaorana na ho fandrishana.	Être reconnaissant. Distribuer de la boisson en guise d'encouragement ou de remerciement envers les personnes qui aident au travail.	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
MaNôkatra	Mamadika. Mikarakara ny fasana ilevenan'ny razana ary manamafy azy. Andro alatsinainy sy alakamisy ary sabotsy ihany no azo anaovana faNokoaraN fa ny andro hafa fady.	Exhumer les dépouilles mortelles dans le but de remplacer le bois du tombeau par un matériau plus solide comme le ciment. L'exhumation se fait le lundi, le jeudi et le samedi. Elle est interdite les autres jours.	Mamadika, manao asa haraNa (bsn)
MaNôta fady	Manao ny tsy azo atao, tsy mahatandrina ny fady.	Braver l'interdit.	Mamotsifotsy fady, mankahatra
Marimaritra iraisana	Fomba famahana olana na fandaminana disadisa ijerena izay tsy hanimba ny fifandraisan'ny andaniny sy ny ankilany. Mety samy tsy afa-po amin'izany (rehefa marimaritra no atao, ny tia mafana tsy mahazo, ny ia mangatsiaka tsy mahazo) saingy mampilamina azy ireo kokoa izay ifanarahana eo.	Consensus. Mode traditionnel de résolution de conflit axée sur les bonnes relations (<i>fihavanana</i>). Forme de négociation qui met l'accent sur la préservation des relations plutôt que sur la résolution du conflit lui-même. Le sens littéral de l'expression est « tiède qui unit l'un qui veut du froid et l'autre qui veut du chaud ». Concept pan-malgache.	
Misengy	Miray amin'olona tsy vady. Mahavoakabary ny misengy.	Se rendre coupable d'adultère, violer la fidélité conjugale. C'est un acte sanctionné.	Mijangajanga
MitataN	Mizara toaka. Fanao mandritra ny asa iombonana na fanatanterahana fomba sasany.	Distribuer une boisson lors d'un travail collectif ou de l'accomplissement d'un rituel.	Mitaho toaka (sh)
Mitondra jiro	Mitondra fitaovana fanazavana, fady amin'ny fanjonoana amina toerana masina sasany (oh. Nosy alaNaN). Misakana ny olona tsy hitrandraka maharitra y haza ao izany.	Il est interdit d'apporter une lampe à Nôsy AlaNaN (îlot sacré pour les <i>Antenôsy</i> , que seuls les représentants mâles peuvent fouler). C'est également un moyen pour décourager ceux qui imaginent y passer la nuit.	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Mitondra vary masaka	Mivatsy sakafo masaka. Fady amin'ny fanjonoana amina toerana masina sasany (oh. Nosy alaNaN). Fomba enti-mametra ny fotoana anjonoana.	Il est interdit d'apporter des aliments cuits à Nôsy AlaNaN. C'est un moyen de limiter le temps de pêche et d'éviter la surpêche.	
Parasoly	Elo. Fady ny mitondra elo amina toerana masina sasany.	Les parasols et les parapluies sont interdits dans certains sites sacrés.	Elo
SambiamanaN	Samia manana. Fizaram-bokatra mitovy amin'ny mpamboly sy ny tompon'ny tany.	Partage à parts égales de la récolte entre celui qui cultive et le propriétaire terrien.	Misasaka, misasa-bokatra
Silipo	Atiakango fady amin'ny toerana masina sasany.	Il est interdit de porter des slips dans certains sites sacrés.	
Somàka	Ilazana ny olona mamoa-tsampona na mandray andraikitra tsy tokony ho azy. Fanao hafahafa, tsy matotra.	Personne qui s'occupe de quelque chose qui ne la regarde pas et qui, par ses propos, ses faits et gestes, n'est jamais capable de jouer des rôles correspondant à son âge et à son grade dans la société. Bizarrie. Actes ou propos inappropriés.	
TôhiN	Fahasamponana na aretina vokatra ny bisa. Be kibo noho ny bisa.	Handicap ou malformation due au <i>bisa</i> (exemple : avoir le ventre flatulent) (voir <i>maNabisa</i>).	Kilema
Tandrôhotro	Fitaovana fanihifana (fakana hazandrano).	Nasse à extrémité effilée servant à attraper les poissons en les amenant à y entrer par des mouvements appropriés.	Tandroho, sihika, sihitra
TraNon-drazaN	Tranomanara. Fasan'ny ny tsirairay (lavaka iray ho an'olona iray) ao anatin'ny toerana andevana itambarana atao hoe <i>AndraNomanara</i> .	Tombeau individuel situé dans un emplacement commun appelé <i>AndraNomanara</i> .	Fasana

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Vady mody	Zavatra tanterahina tsy misy fombafomba, raharaha tsy ankasarotina.	Littéralement, retour de la conjointe (qui a quitté le domaine familial) au foyer. Cela se fait sans cérémonie. Se dit de tout ce qui se fait de manière simple.	
Vilômonare zalahy e	Fiteny raikitra enti-manasa olona amin'ny Laho taNan .	Littéralement « faites-moi vivre les amis » qui signifie « aidez-moi à gagner ma vie ». Formule de supplication pour un laho taNan , formule invariable pour bien marquer qu'on a forcément besoin des autres et que leur aide est vitale.	
Vonodina	Sazy ampiarina amin'ireo nandika ny fepetra ifanarahana. Fandoavana vola efa voafaritry ny mpiray dina mialoha no endrika isehoan'io sazy io.	Sanctions du dina . Travail d'intérêt social ou amende à payer par celui ou celle qui viole le dina .	Sazy

THÉMATIQUE 3

CROYANCES, RELIGIONS, RITUELS

Les us et coutumes sont toujours adossés à des croyances ou à des religions et sont marqués par des rituels précis. Le partage des us et coutumes à Sainte-Marie est une preuve de la communauté (relative) des croyances que les religions nouvelles n'ont pas encore réussi à annihiler totalement.

Les vocabulaires suivants en sont témoins.

LOHAHEVITRA 3

FINOANA, FIVAVAHANA, FOMBAM-PANOMPOANA

Mifamatotra amin'ny finoana sy fivavahana ny fomba amam-panao ary miseho amin'ny alalan'ny fombam-panompoana. Ny fisiana fomba amam-panao iombonana ao Nosy Boraha dia midika fa mbola maro ny mponina no mitovy finoana na eo aza ny fivavahana vaovao izay tsy mbola nahafaona tanteraka ny finoana nenti-paharazana.

Porofon'izany ireto voambolana hotanisaina ireto.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Andro fady	Andro tsy azo iasana ny tany. Ho an'ny Antenôsy, ny andro talata sy ny alakamisy izany.	Jour où il est interdit de travailler la terre. Pour les paysans <i>antenôsy</i> , ce sont généralement le mardi et le jeudi.	Andro fadiana (bz)
Bisa	Fahavoazana manjo izay mamono na mahafaty biby.	Punition divine qui frappe celui qui tue un animal, intentionnellement ou non.	Anga-biby
Fady 1	Tsy azo atao, tsy azo hanina. Misy ny <i>fadin-tany</i> , ny <i>fadin-drazana</i> , ny <i>fadin-tromba</i> , ny <i>fadim-piarahamonina</i> .	Interdit traditionnel qui peut concerner les aliments, les objets, les couleurs, les gestes et les actes, la parole, etc. Les interdits appartiennent à un endroit ou à une contrée, à une famille, à la société en général, à un <i>tromba</i> , etc.	Faly (fiteny tandrefana) SandraNa (bs)
Fady 2	Masina, tsy azo vetavetaina. Jereo <i>Tany fady</i> .	Saint, sacré, qu'on ne peut pas salir. Voir <i>Tany fady</i> .	Tany faly ou tane faly (fiteny tandrefana)
Fady 3	Haja, hasina, voninahitra, fahalalam-pomba. Jereo <i>MaNomia fady</i> .	Honneur, respect, considération, politesse. Voir <i>MaNamia fady</i> .	
Fadin-tany	Zavatra tsy azo atao amin'ny toerana iray, <i>fady</i> iombonan'ny mpiara-belona rehetra io ary ny fisian'ny olona mandika izany dia mety hahatonga faharitan'ny rano, fahavitsian'ny hazandrano, fiparitahan'ny. Valanaretina, sns.	Interdit concernant la terre, que tous les membres de la communauté doivent respecter de peur de catastrophes comme la sécheresse, la raréfaction des poissons, les épidémies, etc.	
Fady patalôn	Fitafiana <i>fady</i> amin'ny toerana masina sasany.	Il est interdit de porter des pantalons dans certains sites sacrés.	
Helo-tany	Voka-dratsin'ny heloka natao tamin'ny tany toy ny tsy fanajana <i>fadin-tany</i>/...	Littéralement « colère de la Terre ». .../...	Jinin-tany

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Helo-tany (suite)	Matetika miseho amin'ny alalan'ny loza voa-janahary isan-karazany izy io : rivo-doza, 27undra-drano, hain-tany, fahavakisan-tany...	Dommages qui affectent l'environnement terrestre, la mer et les récifs. Réaction de la terre suite au non-respect du <i>fadin-tany</i> , elle peut se manifester par différentes sortes de cataclysmes : cyclone, inondation, sécheresse, éboulement, etc.	
JiNy	Hasin'ny fasana.	Le caractère sacré du cimetière.	
Jôro	Firesahana amin'ny hery tsy hita maso (razana, hasin'ny tany) ataon'ny mpiray fasana na ny olona miray toeram-pandevenana. Misy karazany maro ny jôro: jôro an- <i>traNomanara</i> , jôro an- <i>tany masiNy</i> , sns. Ny jôro koa dia azo adika hoe tso-drano raha amin'ny samy olombelona (ohatra fitondrasana zaza antoNy omena jôro).	Cérémonie, rituel (de sacrifice ou non) rassemblant un clan ou tous les clans d'un même cimetière (parfois des familles différentes). Il existe le jôro an- <i>traNomanara</i> , qui se fait au cimetière, et le jôro an- <i>tany masiNy</i> , qu'on réalise dans un site sacré.	Joro, fangataham-pitahiana
Joro famafazana	Fomba atao ho famerenanana ny hasin'ny <i>zaNaharibe</i> .	Cérémonie de rétablissement de la sacralité du <i>zaNaharibe</i> .	
Jôron-tany	Famerenana ny hasin'ny tany raha nisy nanota <i>fady</i> . Ny tsy fanajana <i>fady</i> dia mitondra <i>helo-tany</i> misy fiantraikany ratsy amin'ny mpiara-belona ka mila mamono omby mamerina ny hasin'ny tany.	Restitution du caractère sacré de la Terre. Le non-respect du <i>fadin-tany</i> a des conséquences désastreuses (cyclone, sécheresse, épidémie, etc.). Il faut donc reconstituer son <i>hasina</i> (caractère sacré d'une personne ou d'une chose) pour préserver la population qui y vit, par l'égorgeement d'un zébu en guise d'offrande.	
Malaka lôko isan-karazany	Maka trondro isan-karazany. <i>Fady</i> amin'ny fanjonoana amina toerana sasany heverina fa masina (oh. Nôsy AlaNan).	Littéralement « prendre indifféremment les poissons ». Pêcher différentes sortes de poisson est interdit dans certains sites sacrés comme Nôsy AlaNan.	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
MaNabisa	Mitondra voina ho an'izay <i>manota fady</i> azy ka mahafaty na manome kilema, misy jininy. Ny tarôndro (tanalahy) dia manabisa raha sendra voahitsaka na voavono ka andosiran'ny Antenôsy.	Se dit des animaux <i>fady</i> comme le caméléon, qui a la force de sévir contre celui qui n'observe pas les interdits le concernant. Maléfique.	Manan-jiny, manangatra (mo), manarakaraka (bz)
MasiN	Zavatra hajaina, inoana, napetraky ny razambe.	Sacré. Qui possède ou transmet une force surnaturelle. Respecté car hérité des ancêtres.	
Memy	Ota. Ilazana ny <i>fady</i> tsy voatandrina.	Sali, désacralisé. Se dit d'un <i>fady</i> non observé, volontairement ou non.	Ota
RazaN	Fototra niavian'ny olona iray tarika ka hamasinina. Izay fepetra na fomba noraisina avy amin'izy ireo dia tsy maintsy hajaina sy tandremana fatratra.	Ancêtres, esprits invisibles des anciens à qui on voue un culte. Tout ce qu'on a hérité des ancêtres doit être respecté, voire sacralisé. La tradition spirituelle saint-marienne accorde une importance primordiale aux <i>razaN</i> , qui investissent les autres éléments de la création (animal ou végétal).	Razana
TokaviN	Antsoina mba hitahy, omena haja sy voninahitra.	Être objet d'invocation pour que quelque chose se réalise, être objet de vénération.	Tokavina, hasinina
Tromba	Fanahin'ny razana miditra amin'ny velona ka mampiteny azy. Ny tromba no mametraka ny <i>fady</i> na any an-dranomasina na an-tanety.	Esprit des morts qui fait parler et agir la personne vivante qu'il possède. C'est souvent le <i>tromba</i> qui impose les <i>fady</i> en mer et sur la terre ferme.	
ZaNahary	Mpahary. Hery miafina miahny ny olona sy ny zavaboary.	Dieu créateur. Force divine qui protège l'Homme et la nature.	

THÉMATIQUE 4

LIEUX DE MÉMOIRE

Les lieux de mémoire évoqués ici sont les lieux de culte ou les lieux d'exercice d'une activité traditionnelle.

LOHAHEVITRA 4

TOERANA MANOKANA

Voatomboky ny tantara, ny finoana amam-piheverana ary ny fomba amam-panao ny toerana sasany ao Nosy Boraha.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
AmbodihintsiN	Toerana misy fasana. Ataon'ny Antenôsy tany fady. Tvh Amin'ny tany tsy tôkan-dreriky, ANalanikôto, AndraNomanara.	Cimetière. Lieu interdit où l'on ne se rend pas seul sans les <i>lôhajôro</i> et quelques membres de la famille. Le non-respect de ces règles pourrait entraîner une sanction (<i>kabaro</i>).	Tanim-pasana, toeram-pandevenana
Amin'ny tany tsy tôkan-dreriky	Jereo. AmbodihintsiN .	Voir AmbodihintsiN .	Tanim-pasana, toeram-pandevenana
ANalanikôto	Jereo. AmbodihintsiN .	Voir AmbodihintsiN .	Tanim-pasana, toeram-pandevenana
Andra-Nomanara	Jereo. AmbodihintsiN .	Voir AmbodihintsiN .	Tanim-pasana, toeram-pandevenana
IndôsiN an-toNy	Ny zanaka ivelan'ny tokantrano nefa tiana ho isan'ny mpandova no entina an-toNy.	Forme de reconnaissance de la paternité d'un enfant par son géniteur et sa famille.	Zanahina (mo)
TanindrazaN	Toerana nonenan'ny razana ka hodian'ny taranaka rehetra aty aoriana. Ny toNy no ahafantaran'ny olona ny tanindrazany.	Localité précise où vivaient les ascendants d'une personne ; c'est le <i>toNy</i> qui constitue un repère pour reconnaître son <i>tanindrazaN</i> .	
Tanindrazana	1-Toerana niavian'ny razana izay tsy tokony hohadinoina na oviana na oviana ary mety hilevenana raha maty. 2-Tany maintimolalin'ny razana, izany hoe efa nasain'izy ireo hatry ny ela.	Lieu où ont vécu les ancêtres, qui ne doit jamais être négligé par les descendants car ils y seront très probablement enterrés. Terrain cultivé par les ancêtres depuis des générations.	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Tany fady	Tany manana hasina noho ny antony ara-tantara na noho ny zava-misy ao (biby, zava-maniry, vato, ...); tsy azo ambolena na anorenana ary misy <i>fady</i> iraisana : tsy anaovana maloto, tsy alehan'ny vehivavy tonga fotoana, tsy itondrana loko menamena sy henan-kisoa na an-tanety na an-dranomasina.	Terre sacrée pour des raisons historiques ou en raison des ressources qui s'y trouvent. On n'y cultive pas et on y observe un certain nombre d'interdits (viande de porc, couleur rouge, femme ayant ses règles, etc.).	Tane faly et tany faly (sud)
Tany filahoan	Toerana angataham-pahasoavana amin'ny hery tsy hita.	Lieu où l'on s'adresse aux ancêtres ou aux forces surnaturelles pour leur demander quelque chose.	Toerana fijoroana
Tany masiNy	Toerana angataham-pahasoavana amin'ny hery tsy hita.	Lieu occupé par une force surnaturelle. Lieu de culte. Place où s'exécute un rituel.	Tany masina
Tohitry	Trano fitehirizam-bokatra, indrindra ny vary.	Grenier.	traNambo (bs)
ToNibe	Toeram-pijoroana iombonan'olo-marô.	Lieu de culte et de rituel commun à toute la population locale.	Fanasinana, doany (mo)
ToNy	Toeram-pijoroana.	Lieu de culte et de rituel.	Fanasinana
TraNomanara	Fasana.	Tombe.	Fasana, kibory
Tsabo	Tany fambolena.	Champ. Lieu de culture.	Saha, antsaha, tanimbary

THÉMATIQUE 5

ANIMAUX

Les animaux qui figurent dans la liste sont soit *fady* soit préservés, directement ou indirectement, en tant que biens communs. La société/communauté saint-marienne accorde beaucoup d'importance aux fruits de mer, dont certaines variétés font l'objet d'une pêche réglementée par des *fady* qui permettent de les préserver.

LOHAHEVITRA 5

BIBY

Ireo biby voaaro mivantana noho izy ireo *fady* na ireo arovana amin'ny fomba an-kolaka no nitondrana fanazavana ato. Tsikaritra fa manome lanja manokana ny hazan-dranomasina ny *Antenôsy* ka manisy fepetra manokana amin'ny fomba fanjonoana sy ny fotoana azo akana ny sasany amin'izy ireny mba hiarovana azy.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Ampongy	Karazan-gidro.	Sorte de lémurien.	
Antefisaka	Tanalahy fisaka.	Caméléon plat.	
Antetrotro	Tanalahy vaventy.	Grand caméléon.	
Bakôra	Akoran-driaka lehibe misy loaka ary mamoaika feo, enti-miantso olona raha misy zava-mitranga manan-danja (fivoriambem-pokonolona, na mialoha ny fotoam-pivavahana, na koa raha sendra misy voina mitranga tampoka toy ny doro tanety, trano may na mpanjono dobo an-dranomasina, sns.	Conque. Il sert à appeler les gens en cas d'événement grave ou important.	Anjomara, anjombona, antsiva, (mo)
Bibilava	Biby <i>fady</i> amin'ny <i>Antenôsy</i> ka tsy azo vonoina. Lazain'ireo tompon-tany anefa fa « mandroba-draha ny fivavahana ankehitriny » ka lasa misy mamono ireny biby ireny satria lazainy hoe « devoly ».	Serpent. Animal (reptile) sacré pour les Saint-mariens. Cette considération est cependant actuellement remise en cause par certains groupes religieux, qui voient le serpent comme une incarnation du « démon » et qui le tuent donc sans pitié.	Terme pan-malgache
Bosy ala	Karazana saka dia izay mihinam-boalavo ka manampy amin'ny fiarovana ny voly eny an-tsaha.	Chat sauvage qui participe à la chasse des rats.	Kary
Fanihy	Karazana ramanavy vaventy.	Chauve-souris (roussette).	
Fano	Soka-dranomasina.	Tortue de mer.	
Hima	Bibin-dranomasina misy akora, Voalaza fa nitelina ny razamben'ny <i>Antenôsy</i> (Bototsiangizy) sendra rendrika tany an-dranomasina ka lasa <i>fady</i> nanomboka teo.	Bénitier. Les <i>Antenôsy</i> ont plusieurs versions d'une histoire d'ancêtres naufragés dont les pieds ont été piégés par ce mollusque. C'est pourquoi il est <i>fady</i> pour tous les Saint-mariens.	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Lalôn	Hazan-dranomasina izay akarin'ny zaza amam-behivavy isaka rano haka.	Espèce de mollusque pêchée typiquement par les femmes et les enfants en profitant de la marée basse dans le récif corallien.	
LaNôran	Hazan-drano vaventy mpanesy ny sorindra ho eny amin'ny moron-dranomasina. Misy fepetra ny fakana azy ao Nosy Boraha : raha mahazo sorindra (sardines) tsy mihaza laNôran. Tahaka ny hoe tsy azo atao ny manao ratsy amin'izay manao soa amin'ny tena.	Carangue. Gros poisson qui fait avancer les sardines vers la plage. À Sainte-Marie, il est interdit de prendre des carangues quand on pêche des sardines. On ne doit pas faire de mal à ceux qui nous font du bien.	
Lôko	Anarana itambaran'ny hazandrano.	Nom générique des poissons et des fruits de mer.	Lako (th), fia (tn), filao (skn)
Matingoro	Menarana.	Serpent qui participe à la chasse des rats.	Mintingoro (bs)
Orandrety	Oran-dranomasina.	Langouste.	
Randranobe ZaNaharibe	Trozona, biby manana hasina, afaka mampivadika ny sambo raha misy raha tsy tiany. Ny zaza kosa tsy mba ataony inona na mitaingina amboniny aza. Misy fiheverana fa manome sakafo ny <i>Antenôsy</i> ny zaNaharibe, rehefa misy fefika, ohatra, izy ireny. Amin'ny fotoana fivoahany dia mihira ny ankizy hoe « Miboaboaha Randranobe e, zahay tsy mbôla nahita, rary e!! » mba hampanatona azy.	Baleine à bosse. Fait partie des animaux sacrés. Il est interdit d'y toucher car elle permet d'apporter de la nourriture à la population en poussant, grâce à ses grands mouvements, les gros poissons vers la plage. Si un baleineau s'échoue à la place des poissons, il est interdit de le manger. Une autre version dit que lorsqu'un baleineau s'échoue, la population se rue pour en prélever un bout, bien que cette pratique soit interdite par les autorités. .../...	Trozona

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Randranobe ZaNaharibe (suite)		Selon la petite histoire ou la légende, le bateau des ancêtres des <i>Antenôsy</i> s'est échoué en mer et ces derniers ont été sauvés de la mort par des baleines à bosse qui leur ont apporté à manger.	
Sorindra	Karazana hazandrano	Sardine.	
Sorokay, Sôroke	Hazan-dranomasina fisaka sady lava rambo. Fadin'ny Antenôsy ary tsy vonoiny satria nandray anjara tamin'ny tantaran'ny fiaviany (nahavelona ny razambeny). Izay mahafaty tsy nahy na mahita sôroke maty dia tsy maintsy mamono lamba fotsy sy mandevina izany).	Raie guitare. C'est un tabou majeur pour les <i>Antenôsy</i> , car les gardiens de la tradition saint-marienne racontent que cet animal a participé à leur installation sur l'île.	Fay (tn), makoba
Tandrôndro	Tana, tanalahy. Heverin'ny <i>Antenôsy</i> fa manome kilema raha vonoina na maty tsy nahy. Misy karazany maro io biby io: tandrôndro mena, tentrotro, tefisaka, ranovary. Na manondro azy aza tsy azo atao fa mampisy <i>tohiN</i> . Raha tojo azy dia miteny hoe « tany imboanao tsy imboako » na koa hoe « aza atoro papanao, aza atoro mamanao ».	Caméléon, considéré par le <i>Antenôsy</i> comme un animal qui a la force de sévir contre celui qui n'observe pas les interdits le concernant (voir <i>maNabisa</i>). Quand on le croise sur son chemin, on doit faire très attention à ne pas le toucher, on évite même de le montrer du doigt, mais on lui dit « <i>Tany imboanao tsy imboako</i> » (« Je ne suis pas ton chemin »).	Tarondro, tana, taNalahy
Tsidina	Karaza-maky.	Espèce de petit lémurien (microcèbe).	
Varika	Karaza-maky.	Lémurien (<i>maki vari</i>).	Varika
Vorompemalandy	Zana-trondro.	Poissons juvéniles qu'il est interdit de pêcher.	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Zanadaoka	Trondro vao foy.	Les petits poissons qui éclosent dans le récif corallien puis vont dans les mangroves.	
ZaNaharibe	Jereo Randranobe etsy ambony.	Voir <i>Randranobe</i> .	Trozona

THÉMATIQUE 6

PLANTES

Les mots en entrée sont ceux des plantes qui interviennent dans les cultes, les rituels et les coutumes saint-mariens.

LOHAHEVITRA 6

ZAVAMANIRY

Ireo zava-maniry misy ifandraisany amin'ny finoana amam-piheverana na ny fomba amam-panaon'ny Antenôsy no natao teny iditra.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Ambazaha gôdra	Mangahazo alona rano mandeha mba hialan'ny ngidiny. Fihinana matetika io sakafo io any ambanivohitra.	Manioc amer mis au fil de l'eau durant une nuit entière pour lui enlever son amertume, puis recuit. C'est un aliment courant dans les villages.	Bononoka
Ambôra	Hazo heverina fa manan-kasina, tsy tapatapahim-poana, ampiasaina amina fomba.	Bois dur considéré comme sacré et uniquement utilisé pour les rituels ancestraux.	Ambora
Andramena	Hazo (andramena) heverina fa manan-kasina, tsy tapatapahim-poana, ampiasaina amina fomba.	Type de bois de rose considéré comme sacré et qui s'utilise pour les rituels ancestraux.	Hitsika, volombodipona
Andramena be ravin	Hazo (andramena be ravina) heverina fa manan-kasina, tsy tapatapahim-poana, ampiasaina amina fomba.	Type de bois de rose à larges feuilles considéré comme sacré et qui s'utilise pour les rituels ancestraux.	
Bilahy	Zava-maniry akana hodiny atao taharo amin'ny bêtsabêtsa . Famorohana ny ranom-pary ampiasaina amin'ny fanamboarana betsa na toaka.	Plante dont l'écorce est utilisée pour la fermentation du bêtsabêtsa .	Fatraina (anaran-javamaniry efa lasa iantsoana ny famorohana rehetra)
FaNamo	Karazana hazo maniry ao amin'ny alan'Ambohidenana entina manamamo trondro.	Se dit d'un arbre qui ne pousse pas droit et qui, considéré comme maudit, ne peut pas avoir une fonction rituelle.	Famamo (mo), faNamo (bz)
FisôkiN	Anarana hafa iantsoana ny toNy ; hasimbe, zava-maniry eny amin'ny toNy .	Autre nom du toNy . Plante sacrée qu'on laisse pousser au toNy . Pieu surmonté de crânes de bœufs sacrifiés. Le lieu sacrificiel est appelé « hazomanga » ou « jiro » à d'autres endroits.	Jiro, hazomanga

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Hazovôla	Hazo heverina fa manan-kasina, tsy tapatapahim-poana, ampiasaina amina fomba.	Type de bois de rose à grandes feuilles, bois dur considéré comme sacré et utilisé pour les rituels ancestraux.	
Hintsin	Hazo heverina fa manan-kasina, tsy tapatapahim-poana, ampiasaina amina fomba.	Type d'arbre considéré comme sacré, utilisé pour les rituels ancestraux.	
LalôN	Hazoala, fametrahana faty.	Bois dur qui s'utilise pour la confection de cercueils.	
Nanto	Hazoala, fanaovana lakana fametrahana faty.	Bois dur qui s'utilise pour la confection de cercueils.	Nato
Rôtro	Karazan-kazo fampiasa amin'ny fanamboarana vatam-paty	Jamblon. Bois qui s'utilise pour la confection de cercueils.	Rotra (mo)
Sarôndra	Hazo manan-jara, nataon'ny olona be voninahitra taloha ho toNy .	Arbre sacré qui s'utilise comme fondation pour l'autel ou le coin familial de prières et de sacrifices.	
VahoN	Honko. Ala an-tsisin-dranomasina.	Mangrove.	Alan-konko
Vevy	Ilazana ny hazo tsy mahitsy faniry.	Se dit d'un arbre qui ne pousse pas droit, considéré comme maudit et qui ne peut ainsi pas être utilisé lors d'un rituel.	Mirona, tola
VolombodimpoNy	Hazo heverina fa manan-kasina, tsy tapatapahim-poana, ampiasaina amina fomba.	Bois de rose à petites feuilles, considéré comme sacré et utilisé pour la fabrication de cercueil et lors des rituels ancestraux.	

THÉMATIQUE 7

BOISSON ET NOURRITURE

Les Antenôsy consomment ou non certains aliments non pas dans le but de se nourrir ou de préserver leur santé, mais afin de marquer leur appartenance à une lignée ou à la communauté, ou bien en vue de préserver le statut social de chacun. Les liens entre les Saint-mariens et la nature se traduisent également dans les repas autorisés ou non.

Les boissons et les nourritures présentées ici sont celles qui participent avant tout au raffermissement des liens au sein du groupe ou de la famille.

LOHAHEVITRA 7

FISOTRO SY FIHINANA

Voafehim-pepetra ny fisotro sy ny fihinana, ny fisotroana sy fihinana ao Nosy Boraha, fepetra natao hanamafisana ny fifandraisana toa ny fihavanana, ny firaisan-drazana, ny firaisan-tanin-drazana, ny firaisana eo amina asa fameloman-tena.

Ny fisotro sy fihinana mifandraika amin'izany no hotanisaina eto.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Barisa	Betsa tsy misy alikaola. Misy fomba sasany tsy ampiasana fisotro misy alikaola ka ny barisa no ampiasaina amin'izany. Jereo Mandro barisa.	Boisson artisanale non alcoolisée à base de canne à sucre (sans fermentation). Boisson consommée dans des circonstances particulières. Voir <i>Mandro barisa</i> .	
Bêtsabêtsa	Karazana labiera vita amin'ny fary; fisotro ampiasaina rehefa manao fomban-drazana ary zaraina amin'ny mpanotrona.	Boisson fermentée à base de canne. Bière de canne typique de la côte est de Madagascar. Breuvage servi lors des cérémonies traditionnelles.	Betsa, betsabetsa
Henan'aomby	Henan'omby. Tsy azo atao sakafo amin'ny asa vary fa fanao kosa amin'ny fisangorana jirofo.	Viande de zébu. Aliment interdit pendant les travaux relatifs au riz mais qui se consomme pendant la cueillette des clous de girofle.	Aomby maty (bz, sh), henomby (mr)
Raha miôva	Ilazana ny hazan-drano miova loko rehefa ahandroina, tsy azo atao sakafo amin'ny asa vary.	Il est interdit de manger des aliments qui changent de couleur en cuisant (crabe, crevette, pieuvre, etc.) quand on travaille à la rizière.	
Raha misy elatra	Ilazana ny akoho amam-borona (biby manana elatra) izay tsy azo atao sakafo amin'ny asa vary.	Il est interdit de manger des animaux ailés (poule, oie, canard, etc.) quand on travaille à la rizière.	Akoho amam-borona (mo); biby manana elatra
Ranom-pary	Taharo fototra amin'ny <i>betsabetsa</i> .	Jus de canne, base de la boisson <i>bêtsabêtsa</i> .	
Ranovôla	Ranon'ampango.	Eau de riz.	Ranoampango
TangariN	Soanambo nasaly aman-kodiny alohan'ny handrahoana azy amin'ny rano.	Fruit à pain « fumé » cuit avec sa peau.	
Toa-drazaN	Anarana ilazana ny <i>betsabetsa</i> .	Rhum des ancêtres. Mot utilisé pour désigner le <i>bêtsabêtsa</i> .	Toa-drazana. Toakan-drazana
Valin-tsitrika	Sakafo sy zava-pisotro aroso ho fankasitrahana ny olona nanampy ny tena tamin'ny asa.	Repas et boisson servis aux personnes qu'on a invitées à travailler.	

THÉMATIQUE 8

OUTILS

Il s'agit ici des outils fonctionnels dans la vie rurale à Sainte-Marie.

LOHAHEVITRA 8

FITAOVANA, KOJAKOJA

Ny fitaovana fampiasan'ny Antenosy andavanandro eny an-tsaaha na any am-panjonoana no tanisaina eto.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Antsôro	Fitaovana fakana hazandrano.	Harpon.	Leoka (bz)
Boriziny	Antsy lehibe sady lava taho.	Du nom d'une ville, malgachisation de Port-Bergé. Coupe-coupe, l'un des outils agricoles des Saint-mariens.	Antsibe, fibarana
FandômaN	Karazana harona makarakara fasiana na fitondrana hazandrano.	Panier à petits trous dans lequel on met les poissons pêchés.	Fandomana, famelomana (bz)
Garaba	Karazana sobika makarakara atao fitondrana entana.	Panier en osier.	Pan-malgache
Gony	Kitapo be fasiana vokatra sy fitaterana azy, mety ampiasaina amin'ny zavatra hafa koa.	Sac en jute ou en fibre plastique servant à transporter ou à stocker les récoltes.	Lasaka
Kiso/kiso fitihôzaN	Antsy bory taho fisangorana vary.	Petit couteau sans manche pour récolter le riz.	Antsim-bary bory
Lagafa	Fitaovana ampiasaina handetsena ny tahon-kazo eny ambony tsy takatra.	Du français « la gaffe ». Gaule munie d'un crochet employé pour faire ployer les branches trop hautes. Gaule utilisée pour la récolte des girofles.	Farango
Lakambe (lakana be)	Lakana vaventy.	Grande pirogue.	
Mandrôrota	Karazana harato fanjonoana.	Filet de pêche.	
Piôsy	Angady mifelo-dela fiasana horaka.	Pioche, bêche à lame recourbée.	
Ramikôto	Karazana harato fanjonoana.	Filet de grande taille à mailles serrées.	

THÉMATIQUE 9

LES ESPACES DE RENCONTRE

À Nosy Boraha, il semble que plusieurs traits identitaires persistent dans la manière d'occuper et de vivre l'espace. Les mots figurant en entrée sont relatifs à l'espace où se croisent le collectif et les itinéraires individuels, les lieux de mise en scène et les places publiques.

LOHAHEVITRA 9

HABAKA AVAHANA, FARITRA

Ahafantarana ny fiizian'ny tsirairay na ny vondrona iray ny fampiasana ny habaka ao Nosy Boraha. Mahakasika ny habaka ihaonana vondron'olona, ahatanterahan'ny fomba amam-panao na ny fifampitondrana sy ny fameloman-tena ny iditra ho hita eto.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Bônga	Dongona.	Dune recouverte de graminées.	Bongo
Fira	Toerana nisy ala nivadika ho toeram-pambolena rehefa notapahina sy nodorana ny hazo amana ahitra teo aminy.	Lieu de culture qui était auparavant une forêt mais dont les arbres, les arbustes et les herbes ont été coupés et brûlés.	Tavy (mo), tevy (bz)
Fôkontany	Toerana anaovana ny fitantanan-draharaha ifotony sy fanaovana ireo taratasy sasany ilain'ny mponina.	Localité où se font certains papiers administratifs dont a besoin la communauté villageoise.	Fokontany
Hôraka	Tanimbary azon-drano.	Rizièrre de bas-fond.	Horaka (mo)
Kerabe	Tany be (mitaha amin'ny Nosy Boraha).	La Grande Terre (la grande île de Madagascar).	
Lampim-bato	Vatolampy na vato fisaka fasiana ny henan'ny omby novonoina tamina fanatanterahana fomba.	Rocher ou pierre plate où l'on met la viande du zébu sacrifié lors d'un rituel. Sorte d'autel où l'on met les offrandes.	
Place kabaro	Toeram-pivoriam-pokonolona.	Place des discours, lieu de réunion.	Valamena (ancien mr)
Rano haka	Ramomasina mijotso.	Marée basse.	
Ranomasin	Ranomasina, mamefy ny tany onenan'ny Antenôsy sy mamelona azy. Ny sasany milaza hoe "ny Zafiboraha no tompon'ny ranomasina" fa ny mpanjono ao ANiribe kosa manao hoe « ny ranomasin tsy misy tòm-piny ».	Mer, frontière et nourricière pour les Antenôsy. Si certains pensent que la mer environnante est la propriété des Zafiboraha, les pêcheurs d'ANiribe disent que la mer n'appartient à personne.	Ranomasina, riaka
Savoko	Dimbin'ny ala voajanahary teo amin'ny toerana iray, tany nisy ala efa simba.	Végétation secondaire après brûlis forestier.	Savoka (mo)
Tanin-drazaN	Tany nolovaina tamin'ny razambe, tsy atakalo, tsy amidy fa omena hasina.	Terre héritée des ancêtres qui n'est ni à vendre ni à échanger.	

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Tany mitotro	Tany mianjera vokatry ny fitrandrahana tafahoatra.	Glissement de terrain à la suite d'une surexploitation.	
Tany ratsy	Tany tsy mamokatra.	Terre stérile.	
Tany zatsy	Tany lonaka, tany mamokatra.	Terre fertile.	
Tavy	Toerana nisy ala voajanahary nefa nodorana mba hambolena, fambolena atao amin'izany toerana izany.	Agriculture sur brûlis pratiquée sur la côte est.	Tevy (bz)
Tevindrazana	Tany nohajariny razana ka lasa fananan'ny taranany. Tanim-pianakaviana.	Propriété ancestrale mise en valeur par les ancêtres relevant du droit foncier lignager coutumier. Terrains familiaux.	Tavin-drazana

THÉMATIQUE 10

TRAVAUX COLLECTIFS

Les travaux et les activités réalisés par un ou plusieurs lignages ou en groupe sont omniprésents à Sainte-Marie. Les valeurs mobilisées ou produites par cette coopération relèvent du principe de la solidarité.

Les travaux concernant les ancêtres ou sur les terres sacrées engagent collectivement les *Antenôsy*, ou tout du moins les membres d'un lignage.

Une partie du travail agricole fait également l'objet d'une entraide mettant en jeu des liens sociaux et symboliques.

Ainsi le travail collectif constitue-t-il un mode de transmission de la tradition, des savoirs et des pratiques.

LOHAHEVITRA 10

ASA, RAHARAH A IRAISANA

AManamafy fatorana ny mpiara-belona ny fiarahana miasa. Mety asa iarahan'ny rehetra manao na raharaha iraisana amin'ny alalan'ny *fimbôNaN* izany, mety ho fifanampiana amin'ny asa fivelomana sy fihariana koa.

Amin'ny asa ara-drazana na mahakasika ny tany masina dia ny mpiray razana mihitsy no miara-mientana. Amin'ny asa andavanandro kosa dia ny mpinamana na ny mpihavana no miara-misalahy.

Fotoana anehoana ny fifamatorana amin'ny mpiara-belona koa ny fiangaviana azy hanampy amin'ny asa.

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
FamintanaN ambônim-bato	Fomba fanjonoana: avy eny ambony vato.	Mode de pêche : pêcher en restant debout ou assis sur les rochers.	
FamintanaN an-dakaN	Fomba fanjonoana avy eny ambony lakana.	Pêche en pirogue.	
Laho taNan	Ara-baky teny : fangatahana tanana Fanasana ny olona any an-tranony (fanomezana fady sy voninahitry) mba hanampy ny tena amin'ny asa atao tontolo andro fa tsy tahaka ny lampoN . Misy fomba fiteny tsy miova ataon'ny mpanasa hoe « vilôminare zalahy e » ary zay tsy nidirana an-trano tsy mandeha. Manariva andro ny asa atao amin'izany.	Litt. Supplication avec les mains (paumes réunies et dirigées vers le haut, comme pour mendier). Travail collectif effectué durant une journée entière par des personnes invitées par le bénéficiaire. Ce dernier doit obligatoirement se rendre à la maison des personnes pour les inviter. La formule consacrée pour cela est « <i>vilômonare zalahy e</i> » (littéralement « faites-moi vivre les amis »), qui signifie « aidez-moi à gagner ma vie ».	Indrana (bz)
LampoN	Asa iombonana atao tapak'andro. Raha atao maraina dia misy sakafo sy toaka, raha atao tolakandro (lampom-polakandro) dia betsabetsa sy/na toaka ihany no zaraina. Tsy mitaky fanasana any an-tokantrano ny lampoN raha mila izany kosa ny laho taNan .	Travail collectif généralement effectué durant la matinée, pendant lequel le bénéficiaire doit servir un repas et des boissons aux personnes invitées. Lorsque le travail se fait l'après-midi, seuls du bêtsabetsa ou du rhum sont servis. Pour un lampoN , le bénéficiaire n'est pas obligé d'aller inviter les gens chez eux : il suffit de les informer.	
MangariN/ AngariNiN	Mamia fary mba hahazoana ny ranony hanaovana betsà.	Presser (exercer une pression, généralement à l'aide d'un grand cylindre en bois rond) les cannes à sucre de manière à en extraire le jus.	Mangarina (mo)
Mihôko	Manala fako amin'ny tany asaina.	Enlever les mauvaises herbes au cours du labour ou avant le brûlis.	MaNifika ahitra (bz)

VOAMBOLANA VOCABULAIRE	FANORITANA	EXPLICITATION	FANOVA CORRESPONDANT
Mijibiky	Miantsitrika an-dranomasina maka lôko.	Effectuer une plongée sous-marine pour pêcher des fruits de mer.	Manao an-tsitrika (mo)
Mitetiky hôraka	Miasa tanimbary.	Labourer la rizière.	
Mitetiky kakazo	Mikapa hazo vaventy manaraka fomba. Amin'izany dia ampandriana eo am-pototr'ilay hazo aloha ny famaky ka raha misy zavatra hafahafa mitranga dia tsy kapaina ilay hazo. Angatahina amin'ny tany aloha ilay hazo alohan'ny hikapana azy.	Coupe d'un grand arbre d'après un rituel qui consiste à déposer la hache au pied de l'arbre pendant une nuit et de ne le couper que si aucun événement fâcheux ne survient. On doit adresser une prière à la terre qui a produit l'arbre afin qu'elle permette aux hommes de le couper.	
Rômbo	Asa fanompoaN ara-drazaN izay atao misy jôron-tany . Asan-drazaN hafa ka mahakasika tany masiN .	Travail collectif accompagnant un jôron-tany . Autres travaux concernant les ancêtres ou relatifs au tany masiN .	
Sango-jirôfo	Fiotazana jirofo.	Cueillette de clou de girofle, souvent réalisée en travail commun.	MaNankiNy (bsn)
Tambirô	Farimbona amin'ny fanaovana asa tsy vitan-drery tahaka ny sango-jirofo. Raha misy 200 ny olona tonga miasa dia mamono aomby atao valin-tsitrakā .	Travail collectif tournant pour la récolte du clou de girofle. Lorsque le propriétaire a réuni plus de deux cents travailleurs, il doit tuer un zébu pour le repas.	Valin-tanana (mo), indrana (bz)
Tsaboraha	Hetsik'olo-marô anaovana asa iombonana na anatanterahana fomba amam-panao.	Évènement social (travaux de production) ou culturel (culte des ancêtres, rite d'intercession).	Raharaha (sh, bz)

BIBLIOGRAPHIE

- Aubert S. (2024), *Du recours au droit des usages pour des projets de territoire plus harmonieux : une expérimentation sociale à Sainte-Marie, Madagascar*, Comité technique « Foncier & développement », AFD, MEAE, 91 p., Regards sur le foncier, n° 19.
- Aubert S., Botta A. (dir.) (2022), *Les communs : un autre récit pour la coopération territoriale*, Versailles, Éditions Quæ, 272 p., Nature et société, <http://doi.org/10.35690/978-2-7592-3464-6>.
- Aubert S., Gérard F., Delay É., Lepage C., Gaidet N., D'Aquino P., Karpe P., Boche M., Leyronas S. (2020), *Approche par les communs de la terre et des ressources qu'elle porte – Guide opérationnel*, Paris, Comité technique « Foncier & développement », AFD, MEAE, 43 p.
- Mathevon B., Ramasinoro N., Delabre M. (2025), *Mobilisation citoyenne pour prendre soin de l'île de Sainte-Marie et de ses habitants à Madagascar : construire une gouvernance partagée « en communs » ?* Nogent-sur-Marne, Éditions du Gret, 84 p., Carnet Faire commun, n° 6.
- Poirier J., D' Randriamarana, D' Razaramparany (1978), « Les fady dans la société malgache : incidences économiques et sociales », in Poirier J., Rabenoro A. (dir.), *Tradition et dynamique sociale à Madagascar*, Nice, Institut d'études et de recherches interethniques et interculturelles, p. 395-411, https://www.persee.fr/doc/ierii_1764-8319_1978_ant_9_1_986 ●

Imprimé en février 2025 sur les presses d'ISI PRINT.

Dépôt légal : mars 2025.

Carnet Faire commun

HORS-SÉRIE

LEXIQUE DU FAIRE COMMUN DE L'ÎLE DE SAINTE-MARIE À MADAGASCAR

Pour un projet de territoire plus harmonieux

Conscient des menaces pesant sur les liens sociaux et leur environnement, les habitants de l'île de Sainte-Marie à Madagascar se sont mobilisés pour définir sur leur territoire de nouvelles règles et institutions, puisant pour ce faire dans des pratiques du « faire commun » et de gouvernance partagée. Deux dynamiques originales et novatrices ont été engagées : la formulation et la mise en œuvre d'un « *dinabe* », grande convention collective ancrée dans des règles coutumières revisitées, pour préserver l'hospitalité saint-marienne, et la création d'une aire protégée autour de l'île et de son pourtour marin pour définir et faire respecter des règles alliant protection de l'environnement et développement durable.

S'appuyant sur une étude menée en 2023 par le Cirad et des universitaires malgaches, ce carnet hors-série offre un éclairage pour comprendre la notion de « faire commun » telle que pratiquée par les Saint-mariens. Il se compose de deux récits illustrant chacun une initiative mise en place par les habitants pour préserver l'hospitalité et l'environnement, et d'un lexique du « faire commun » associé à la vie de l'île.

Complémentaire du carnet Faire commun *Mobilisation citoyenne pour prendre soin de l'île de Sainte-Marie et de ses habitants à Madagascar*, ce hors-série invite le lecteur, qu'il soit habitant ou visiteur de l'île, à appréhender l'esprit du « vivre ensemble » à Sainte-Marie et à contribuer à façonner un territoire plus harmonieux incluant tous les vivants.

AVEC LE SOUTIEN FINANCIER DE :



Le contenu de la présente publication relève de la seule responsabilité du Gret et ne peut aucunement être considéré comme reflétant le point de vue des financeurs.

EN PARTENARIAT AVEC :



Comité technique



GRET

Campus du Jardin d'agronomie tropicale de Paris
45 bis avenue de la Belle Gabrielle
94736 Nogent-sur-Marne Cedex, France
Tél. 33 (0)1 70 91 92 00 – www.gret.org

ISSN 2677-9803
ISBN 978-2-86844-359-5



9 782868 443595